Baiboly' ho an'ny ankizy
fanomezana'

Ny nahaterahan'i Jesosy

Mpanoratra: Edward Hughes

Sary nataon'i: M. Maillot
Alastair Paterson

Namboarin'i: E. Frischbutter; Sarah S.

Nandika: www.Christian-translation.com

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2022 Bible for Children, Inc.
Fahazoan-dàlana: manan-jo handika na hanonta an'ity tantara ity ianao, raha mbola tsy mivarotra azy ianao.

Taloha ela be, Andriamanitra dia
naniraka ny anjely Gabriela
ho any amin'ny tovovavy jiosy
mahafatifaty iray antsoina
hoe Maria.

Ary hoy izy taminy: Hiteraka zazalahy ianao, ary ny anarany hataonao hoe Jesosy; hatao hoe Zanaky ny Avo Indrindra izy, ary hanjaka mandrakizay izy.

"Ahoana no ahatongavan'izany?" hoy ilay tovovavy gaga. "Tsy mbola niaraka tamin'olona aho." Nilaza tamin'i Maria ny anjely fa avy amin'Andriamanitra ny zaza. Tsy hisy ray olombelona.



Nolazain'ny anjely tamin'i Maria avy eo fa ny zanak'olo-mpiray tam-po aminy, Elizabeth, dia bevohoka amin'ny fahanterany. Fahagagana koa izany. Fotoana fohy taorian'izay dia nitsidika an'i Elizabeth i Mary. Niara-nidera an'Andriamanitra izy ireo.

Maria dia fofom-bady
hanambady lehilahy
atao hoe Josefa.
Nalahelo i Josefa
rehefa nahalala fa
hiteraka i Maria.
Nihevitra izy
fa lehilahy
hafa no rainy.

Tao anaty nofy dia nilaza tamin'i Josefa ny anjelin'Andriamanitra fa Zanak'Andriamanitra io zaza io. I Josefa dia tokony hanampy an'i Maria hikarakara an'i Jesosy.

Natoky sy nankatò an 'Andriamanitra i Josefa. Nanaraka ny lalànan'ny fireneny koa izy. Noho ny lalàna vaovao, dia lasa nankany Betlehema, tanàna nahaterahany,

izy sy Mary handoa ny hetrany.

Vonona hiteraka i Maria. Saingy tsy nahita efitrano na taiza na taiza Josefa. Feno ny trano fandraisam-bahiny rehetra.

Nahita tranon'omby i Josefa tamin'ny farany. Teraka i Jesosy zazakely. Ny reniny nametraka azy tao am-fihinanam-bilona, toerana izay nametrahana ny sakafon'ireo biby.



Teo akaiky teo dia niambina ny ondriny natory ireo mpiandry ondry. Niseho ny anjelin'Andriamanitra ary nilaza tamin'izy ireo ny vaovao mahafinaritra.

"Mpamonjy no teraka ho anao anio ao an-tanànan'i Davida, dia i Kristy Tompo; ho hitanao ny Zazakely mandry ao am-pihinanam-bilona."

Tampoka teo dia nisy anjely mamirapiratra maro hafa niseho, nidera an 'Andriamanitra nanao hoe: "Voninahitra any amin'ny avo
indrindra any
amin'ny avo indrindra sy etỳ an-tany!"

Tonga haingana tany amin'ny tranon'omby ireo mpiandry ondry. Rehefa nahita ny Zazakely izy ireo dia nilaza tamin'ny olona rehetra fa nahita izay nolazain'ny anjely momba an'i Jesosy izy ireo.

Efapolo andro taty aoriana dia
nitondra an'i Jesosy tany amin'ny
tempolin'i Jerosalema
i Josefa sy i Maria.
Tao ny lehilahy
iray antsoina hoe
Simeona dia nidera
an'Andriamanitra
noho ilay Zaza, fa
i Anna antitra,
mpanompon'ny Tompo
hafa kosa dia nisaotra.



Samy nahafantatra fa
Zanak'Andriamanitra i
Jesosy, ilay Mpamonjy
nampanantenaina.
Namono vorona roa
i Josefa. Ity no
fanomezana natolotry
ny lalàn'Andriamanitra
fa tokony hoentin'ny
olona mahantra rehefa
manolotra zaza vao
teraka ho an'ny
Tompo izy ireo.



Fotoana kely taty
aoriana dia nisy
kintana manokana
nitarika ny Magy
avy tany
amin'ny



firenena Atsinanana
nankany Jerosalema.
"Aiza Ilay teraka ho
Mpanjakan'ny Jiosy?"
hoy izy ireo nanontany.
"Te hivavaka Aminy izahay."

Nahare momba ny Magy
ny mpanjaka Heroda.
Sahirana izy dia
nangataka azy ireo
hilaza aminy rehefa
mahita an'i Jesosy
izy ireo. "Te hivavaka
Aminy koa aho," hoy
i Heroda. Mandainga
anefa izy. Te hamono
an'i Jesosy
i Heroda.

Ilay kintana dia nitondra ny Magy ho any amin'ny trano marina nipetrahan'i Maria sy i Josefa niaraka tamin'ilay Zaza kely. Nandohalika nivavaka ireo mpandeha dia nanome an'i Jesosy fanomezana volamena sy menaka manitra be dia be.

Nampitandrina ireo Magy Andriamanitra mba hiverina mangingina any an-trano. Tezitra i Heroda. Tapa-kevitra ny hamono an'i Jesosy ilay mpitondra ratsy fanahy, ka namono ny

zazalahikely rehetra tao Betlehema.

Fa Heroda tsy afaka nanisy ratsy ny Zanak'Andriamanitra! Nampitandremana tamin'ny nofy izy ka nitondra an'i Maria sy i Jesosy tany amin'ny toerana azo antoka tany Egypta.

Rehefa maty i Heroda
dia nentin'i Josefa
niverina avy tany
Egypta i Maria
sy Jesosy.

Nipetraka tao amin'ny tanàna
kelin'i Nazareta, akaikin'ny
ranomasin'i Galilia izy ireo.

Ny nahaterahan'i Jesosy

Tantara iray avy amin'ny Tenin'Andriamanitra,
ny Baiboly,

dia hita ao amin'ny

Matio 1-2 Lio 1-2

"Ny fidirana amin'ny Teninao dia manome
fahazavana." Salamo 119:130


Tapitra'

Hantara 'ao amin'ny Baiboly ity' dia' milaza amintsika momba ilay Andriamanitra mahafinaritra' antsika izay nahary antsika sy izay maniry anao hahafantatra azy.

Nntatr'Andriamanitra fa' nanao zavatra' ratsy isika', izay nantsoiny hoe' ota. Ny fanasaziana ny ota dia ny fahafatesana, fa Andriamanitra tia anao fatratra ka naniraka ny Zanany lahitokana Jesosy ho faty' teo amin'ny Hazo fijaliana ka ho voasazy noho ny helokao. Avy eo Jesosy dia velona indray ary nody tany an-danitra! Raha mino' an'i Jesosy ianao ka mangataka aminy hamela ny helokao dia hataony izany! Ho avy Izy ka honina ao aminao izao, ary hiara-hiaina' Aminy mandrakizay.

Pino' ianao fa' marina' izany dia' lazao' amin'Andriamanitra hoe: Jesosy malala, mino aho fa Andriamanitra ianao, ary tonga olona maty noho ny fahotako ary velona indray ianao izao. Miangavy anao hiditra amin'ny fiainako ary mamela ny heloko, mba hahazoako fiainana vaovao dieny izao, ary indray andro any hiaraka aminao mandrakizay. Ampio aho hankatò anao ary hiaina' ho'anao' tahaka'. Amena.
Makio ny' Baiboly' ary' miresaha' amin'Andriamanitra isan'andro! Jaona 3:16